REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

AMBASSADE DE MADAGASCAR EN ITALIE

---

# FISAORANA

Ny Masoivohon'i Madagasikara eto Italia dia faly maneho etoana fisaorana feno mitafotafo, eram-po sy eran-tsaina ho antsika rehetra tsy an-kanavaka izay niara-nankalaza taminy ny faha-63 taona nitsingerenan'ny fahaleovantenantsika.

Tolorana fisaorana manokana ireo izay nanome tanana tamin'ny fikarakarana dia ny solontena avy ao amin'ny Ankohonana Victoire Rasoamanarivo, ny solontenan'ny Fiangonana Protestanta ary ny avy ao anatin'ny tarika Kalon'ny Fahiny.

Ireny no tanteraka dia noho ny fahaizantsika rehetra niara-nisalahy. Ary raha ny iray tamintsika rehetra teto ireny no tsy teo dia efa niova endrika sahady ny fetintsika. Koa izy Andriamanitra anie hitantana antsika tsirairay ho velon'aina tsy harofy, ho ambinin-karena amin'ny fitadiavana ary hijinja vola amin'ny fihariana andavan'andro ka hiriaria ao anatin'ny fahasambarana mandra-piavin'ny fitsingerenany amin'ny taona manaraka indray.

Misaotra indrindra Tompoko.

Natao teto Roma ny 27 Jona 2023

AMBASSADE DE MADAGASCAR
REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
ROME

Via Ricardo Zandonai 84/A – 00135
Rome Tél: +39 068 932 5880
Email: ambamadroma@gmail.com